# Ny 3 Jolay 2018 : «  FANANGANANA NY PROVINSY EOROPA HO DELEGASIONA. »

*Fametrahana nataon'i masera Emérentienne RAMORAVELOLehibe Jeneraly, an'i masera MARIE AIMEE  MAGNIER sy masera CLAUDIE BERGER, ho Delege ho an'i EOROPA. Natao tao amin'ny La Lasapelin'ny Sœurs du Christ any Epernon (Frantsa) ny fankalazana*

## ANIO TOY NY OMALY EO ANIVON'NY FIOVANA, LÀLANA MITOVY  !



Fanirahana an'i Masera MARIE AIMEE sy Masera CLAUDIE nataon'i Masera Emérentienne

**Ny mampiavaka ny Provinsy amin'ny Delegasiôna dia ity farany miankina mivantana amin'ny Lehibe Jeneraly sy ny mpanolon-tsaina azy. Manendry ny Delege avy amin'ny filàn-kevitra jeneraly izy: masera Marie Aimée sy masera Claudie.**



***'Hifantoka amin'ny zava-misy mikasika ny olona sy ny fiangonana ianareo ary hanompo ny fiombonana amin'ny maha-mpirahavavy amin'ny samy masera sy ny amin'ny samy kôminôte ary mpitandro ny asam-panirahana nankinina.''***

***''Tsy mitsahatra i Kristy ny mankany aminareo.  de venir vers Vous. Te hanambara ny tenay ao aminareo sy amin'ny alàlanareo Izy. Ao anatin'ny fahazavana sy ny fitsofan'ny Fanahy, aza sasatra milaza  : « Miaraka amin'i Kristy sy ao aminy dia atolotsika azy ny fiainantsika,velomin'ny Mofo sy ny Teny mba ho tonga Eokaristia» (Lalàm-panorenana : 59)''*** **- Toritenin'i Mgr SOUBRIER**



'' Tokony « hianatra hanala ny kiraro eo anatrehan'ny tany masin'ny hafa isika » ; araka ny fanasan'i Papa Fransoà antsika (jereo. « Ny hafalian'ny Evanjely» n° 169), mba hizotra amin'ny fanantenana.''

Toritenin'i Mgr Soubrier





''Mba hohafahan'i Jesoa Krsity, ka araka izany amin'ny taona rehetra iainantsika, dia miditra miaraka aminy ao anatin'ny fanatanterahana ny fandaharan'ny Ray'' (Fitsipi-piainana XXXI)



